

«



Fa ny Zanak'olona tsy mba tonga hotompoina, fa mba hanompo ary hahafoy ny ainy ho fanavotana ny maro » (Mk. 10, 45)

Ry Kristianina havana, efa roa alahady sahady izao no niarahantsika miatrika an'ity taompikatrophehana 2024-2025 ka hiarahantsika mikatroka ny Sinaody faha-7 fijananona faha-3 raha any Roma ny Eglisy erantany miatrika ny deuxième session. Entina am-bavaka ny ezaka rehetra mba ho FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIARA-DALANA MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA KA MIFAMPITSIMBINA MIFANASOA MIKATSAKA NY SOA IOMBONANA SATRIA MPIRAY TAMPO ISIKA JIABY. Isaorana Andriamanitra fa nanome aina sy angovo ho antsika ny KEN 2024 ka ahafahantsika miroso lalindalina kokoa amin'ny dinika rehetra ataontsika satria ny fihavanana indrindra no ivon'ny dinika.

Vakiteny I : Iz. 53: 10 – 11

Tononkira : Salamo 33

Vakiteny II : Heb. 4: 14 – 16

Evanjely : Mk. 10: 35 – 45

Miara-dalana amin'ny Eglisy eran-tany isika amin'izao Sinaody izao, hoy isika izany rahateo moa ny dikan'ny atao hoe "sinaody" (miara-dalana jereo logo). Ny Teny fanevan'ny Sinaody eran-tany dia ny hoe : EGLIZY MIARA-DALANA MIATRIKA SINAODY FIOMBONANA, FANDRAISANA AN-TANANA, IRAKA. Fa ny antsika eto amin'ny diosezy kosa, EGLIZY OLO, VELOMIN'NY BATEMY

KA ZARY TABERNAKLA VELONA. Miroso ny dia na dia mideza aza satria tsy misaraka amin'ny ady isan-karazany vokatry ny sakana maro. Tsy irery isika amin'izany satria eo llay Reny tsy mando. Ao anatin'ny volan'ny raozery isika izao. Manohy ny fibanjinana ireo misterin'ny fanavotana antsika olombelona isika amin'ny alalan'ny Rozery izay iarahantsika amin'i Masina Maria dia ny mistery

fahatongavana ho nofo, mistery mampalahelo, mistery mamira-pahazavana, ny mistery fitsanganan-ko velona dia ny mistery be voninahitra..

Mila mametraka tsara ny fifandraisantsika isika satria io fifandraisana io no mandrafitra ny maha olona noharian'Andriamanitra antsika hitovy endrika Aminy. Noho io fitovizantsika Endrika Aminy io dia manampy antsika hivelona ny maha-mpiray tampo antsika ny fifandraisantsika rehefa mibebaka isika ka mifanasoa sy mpifampitsimbina izany hoe rehefa mivelona fiainana eokaristika isika ka mahafoy sy manompo. Izany rehetra no ampahatsiahivin'ny Tenin'Andriamanitra androany Alahady faha -29 mandavantaona.

Toetra anankiray manapotika ny fifandraisantsika no asongadin'ny tenin'Andriamanitra indrindra ny vakiteny voalohany bokin'Izaia mpaminany sy ny Evanjely, tsy inona io toetra manapotika ny fiainantsika io fa ny fitadiavantsika voninanahitra. Na dia efa averimberin'i Jesoa aza fa ny lalam-pamonjena arak'izay ahalalantsika azy dia ny fanompoana sy ny fahafoizana. Matanjaka anefa ny lojikan'izao tontolo izao ka mora voasarika isika. Ireo no dinihintsika amin'ny Sinaody. Ireo lojikan'izao tontolo izao mitady handrendrika antsika ary dia milaza miara-mahita isika miatrika izao krizy maro lafy izao fa manapotika ireo fifandraisana telo mandrafitra ny mahaolona fa indrindra ny fifandraisana amin'ny zava-boaary ny hetraketraka ataontsika olombelona. Tsy maintsy fantatsika tsara ireo loharano mahatonga io toetra ratsy ao amintsika io amin'ny alalan'ny fandalinana ataontsika. Mila mifampihaino isika, mila mifampizara ny manta sy ny masaka am-pahatsorana mandritra izao Sinaody izao raha tiantsika ny hifanasoa sy hifampitsimbina. Sehatra tena ilaina tokoa ifampiresahina ny Sinaoda. Mila fampiresaka isika mijery, mikaroka sy misivana mba hahita ny lalan-kombana. Ny faniriantsika dia ireo dinika ireo no hitondra antsika amin'ny fiovam-pentitra mahery vaika eo amin'ny fitondran-tenantsika. Hivavahantsika miaraka amin'i Masina Maria izany rehetra izany amin'izao volan'ny RAOZERY izao, tsy ho antsika ihany fa ny firenentsika satria dia tena maro ny zavatra potika, robaka ka very fanahy mbola velona ny maro. Ny olana dia toy izay hikatsaka ny soa iombonana sy izay hahasoa ny vahoaka fa indrindra ireo milaza azy ho mpanao politika dia indrisy milaza miara-mahita isika fa betsaka ny lavo amin'ny lojikan'izao tontolo izao ka zary mikatsaka voninahitra. Aretina sy toetrantsika olombelona io ka mila fibebahana tokoa. Tsy mandeha ho azy izany. Raha tiantsika ho taranaka mpanorina isika dia ilaina ny fanetren-tena, izany no ambaran'ny Tenin'Andriamanitra amintsika androany. Imbetsaka i Jesoa no manantitrantitra fa ny lalam-panorenana sy ny lalam-pamonjena dia tsy aiza fa izy manolotra ny ainy ho antsika. Io ihany ny lalana ho antsika : mila fahafoizana sy fanetren-tena ny asa fanompoana. Tsy araky ny fieritreretan'izao tontolo izao ny voninahitra ampiaranan'I Jesoa satria ny antsika dia ny voninahitra mieboebo, mipoerapoera. Vokany manapotika ny hafa. Ny fitadiavana tombotsoa samirery mitondra amin'ny fanilikilihana ny hafa hany ka tsy misy fanorenana azo atao. Milaza miara-mahita isika manambara izany.

"Tsy fantatrareo izay hangatahinareo" hoy i Jesoa tamin'i Joany sy Jakoba zanak'i Zebede raha nanatona an'i Jesoa izy ireo ka nilaza hoe "Ry mpampianatra ô, tianay ataonao aminay ny angatahinay aminao dia ny hipetrahan'ny anankiray aminay eo ankavianao sy ny anankiray eo ankavananao". Tsy fantantsika ny dikan'ny voninahitra tian'i Jesoa hiainantsika, tsy inona fa isika mikatsaka ny soa iombonana, isika manasoa ny hafa. Anatra ho an'ireo izay te hanao politika izany. Io no lazain'I Papa François ao amin'ny Ansiklika Fratelli Tutti ho "politika lavorary" izay tsy inona fa

"ny fahafoizana sy fanompoana, izayfanehoana ny fitiavana feno ka zary lalana amin'ny fanorenana ny fihavanana izay hanasitrana an'izao tontolo izao (ken 2024).

Hoy i Jesoa "*Fantatrareo fa amin'ny fanjakan'izao tontolo izao, dia ny mpifehy no mitsangana ho tempo mandidy, ary ny lehibe no miseho ho mpifehy manam-pahefana. Fa aminareo kosa tsy mba tahaka izany; fa izay te-ho lehibe indrindra no aoka ho mpanompo anareo, ary izay te-ho ambony indrindra eo aminareo no aoka ho mpanomponareo rehetra. Fa ny Zanak'olona tsy mba tonga hotompoina, fa mba hanompo ary hahafoy ny ainy ho fanavotana ny maro*". Izany no toe-panahy ho entintsika hanarina indray ny fifandraisantska. Ny fiainanna eokaristika no lalana ahafahantsika mametraka FIHAVANANA MARINA HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO. Mila mivelona ny fiainanna eokaristika isika : Fahafoizana, fahasahiana, ny fitiavam-bavaka, ny fanetren-tena ary ny faharetana, fanompoana no lalana afahantsika mifampitsimbina sy mifanasoa ary mikatsaka ny soa iombonana. IO LALANA IO INDRINDRA NO TSY MAINTSY TADIAVINTSIKA MIARAKA AMIN'IZAO SINAODY FIJANONA FAHA 3 IZAO.

Izany no lalam-pamonjena ho antsika eo amin'ny fiainana andavanandro ka hahatonga antsika hifanasoa. Io no lalana mazava afaka hitondra antsika amin'ny fifampivelarana marina ka hirosoantsika amin'ny tena fihavanana sady kristianina no malagasy ka ahazoantsika ny fiadanana marina tsy arak'izao tontolo izao izay matetika vokatry ny famoretana ka manilika ny hafa sy mamono aza fa vokatry ny fahamarinana, fifankatiavana, fahaizana mampihatra ny rariny sy ny hitsiny eo amin'ny manodidina. Ahoana no

Mila faharetana izany satria tsy azon'izao tontolo izao, ny hevit'izao tontolo izao dia ny fikatsahana ny tombotsoa izay mahatonga ny olona hifamotika sy hifamono, hitantsika izany amin'ny fiainantsika ankehitriny. Aoka isika arak'izany fampianaran'i Jesoa izany, tsy hoe kobaka am-bava fa izy mihintsy no nanolotra ny ainy ho fanavotana antsika ka banjinintsika izany isaky ny manao ny sapile misterin'ny famonjena izay dinihintsika amin'izao volana oktobra izao.

Zava-dehibe tokoa io toe-panahy fototra tia manompo nananan'i Jesoa io, ka tiany ho latsa-paka tokoa ao am-pontsika. Tsy nanompo fotsiny ihany anefa Izy fa nahafoy hatramin'ny ainy ho fanavotana ny maro. Arakaraka ny hahafozantsika sy hanomezantsika ny fiainantsika ho an'ny hafa no maha-lehibe antsika ao amin'ny Fanjakan'ny lanitra. I Jesoa nahafoy ny ainy ho fanavotana ny maro dia nomen'ny Ray ny satro-boninahitra sy mipetraka eo ankavanany araka ny fampianaran'i Md Paoly amin'ny taratasiny ho an'i Flipianina toko faha 2. Isika mpianany ihany koa raha te-hahazo ny toeram-boninahitra dia tsy maintsy manao toy ny nataony. I Jesoa no môdely ho antsika, indrindra fa ho an'ireo nanankinana andraikitra manokana. Misy Nonce teto amintsika raha nanao fampianarana ho an'ny fanamasinana Eveka izy dia nilaza fa ny Katedran'ny Eveka izany hoe ilay sez a manokana ny eveka ka nahatonga ny anarana hoe Katedraly dia ny HAZOFIJALIAN'I KRISTY. Tsy maintsy ialantsika ny fisainan'ny mpitondra sy ny mpifehy an'izao tontolo izao, izay mitady voninahitra, toerana sy mangoron-karena ho an'ny tena, manjakazaka, mamoritra ny madinika, miady sez a lava. Amin'izay dia ny fitiavana, ny fanompoana ny hafa, ny fanetren-tena no imasoantsika isan'andro. Tsy maintsy resena ny toetsaina "SEFO" izay matetika raikitra tapisaka amintsika amin'ny fifandraisana eo amin'ny Eglisy. Tsy toetsaina eokaristika io resaka "sefo" io fa ny toe-tsaina eokaristika hitantsika amin'I Jo 13 dia fahafoizana sy fanompoana ka lavitra ny "sefo" I

Jesoa rahateo nilaza izaho izay lazainareo Tompo dia hitanareo fa nanas any tongotrareo....Aoka ianareo hanao toa izany ihany koa.

Ny Vakiteny voalohany, Bokin'i Izaia mpaminany, dia efa nilaza nialoha ny zavatra hihatra amin'ny Mpanompon'ny Tompo, dia i Jesoa. Manamafy izay efa voalaza tamin'ny Evanjely teo izany: i Jesoa mahafoy ny ainy, ka manaiky ny hiaritra ny fijaliana ho famelana ny fahotan'izao tontolo izao. Izy tokoa ilay nibaby ny fahotan'ny olombelona rehetra tamin'ny nanolorany ny Tenany teo ambonin'ny Hazofijaliana: *Ilay marina, Mpanompoko, noho ny fijaliany, hanamarina olona betsaka, ary tenany hivesatra ny helok'izy ireo*. Nanaiky am- pitiavana ny fandaharan'ny Ray Izy: *Sitraky ny Tompo ny nanorotoro ny Mpanompony taminny fijaliana, nefo rehefa voaatitry ny fanahiny ny sorom-panonerana, dia habita taranaka izy, ho lava andro iainana, ary hambinina eo an-tanany ny hevitra nokasainny Tompo*. Ny tena fitiavana marina tokoa dia mandalo sy miaritra fijaliana. Izay tia dia mahatsiaro faly sy sambatra, kanefa mety handalo fijaliana sy fihfiana izany. Ny fijaliana, ny fahafatesana araka ny lohahevitra androany dia mitondra sy mampahazo fanavotana. Ny Misterin'ny Pakan'i Jesoa no manamarina sy manamafy an izany.

Ny Taratasy ho an'ny kristianina Hebrio dia mbola manamafy izay nolazaina tamin'ny Evanjely sy ny Vakiteny voalohany. Teny fankaherezana no omen'ny mpanoratra an'ireo mandray ny fampianarany: « Manana Mpisorona lehibe isika izay lasa namaky lanitra, dia i Jesoa Zanak'Andriamanitra, koa aoka hotanantsika mafy ny finoana efa nekentsika. Satria tsy Mpisorombe tsy mahalala mangoraka ny fahalementsika no antsika, fa efa nalaim-panahy tahaka antsika taminny zavatra rehetra Izy, afa-tsy ny fahotana. Koa aoka isika hanatona ny fketrahan'ny fahasoavana amim-pitokiana, mba hahazoantsika famindram-po, sy hahitantsika fahasoavana ary hamonjena antsika amin'ny andro hilantsika izany ».

I Jesoa Kristy tokoa no ilay Mpisorona lehibe indrindra, mihoatra lavitra ary lavorary indrindra noho ireo mpisorona tao amin'ny Testamenta Taloha. Izy no sady Sorona, Mpisorona no Otely hanaovan-tsorona. Soron'ny Tenany mihitsy no nataony fa tsy hoe sorona-biby na zavatra hafa akory. Noho izany indrindra, hoy ny Mpanoratra, dia aoka ho tānantsika mafy ny finoana efa nekentsika sy ao amintsika, na mety handalo fitsapana sy fijaliana ary fanenjehana aza izany. Jesoa Mpisorombe tsy mando sy tsy misaraka amintsika no efa nandalo tamin'izany. Andriamanitra tonga olombelona Izy, ary efa niaina sy niray petsapetsa tamintsika, ary mahalala ny manjô antsika. Nalaim-panahy tahaka antsika tamin'ny zavatra rehetra, afa-tsy ny fahotana. Tsy irery akory isika amin'ity fiaianana ity fa miaraka amintsika i Jesoa Mpisorombe. Ka tsy maintsy ampitomboina hatrany ny finoana sy fitokisana ary ny fiankinantsika Aminy. Ireo indrindra no halalinintsika amin'izao dingana voalohany amin'ny Sinaody faha-7 izao ary iarohana amin'ny Eglisy Erantany.

Ry Jesoa Tompo ô tsy misy mifaina Amino tokoa ny fiaiananay manontolo. Ianao tokoa no mitantana ny fiaiananay, izahay indraindray tsy mahafantatra tahaka ireo apôstoly izay angatahinay, fantatrao koa ny antsipirian'ny fiaiananay ka aoka izahay hanana fanetren-tena entin'ny fahalemanay ka hifikitra Amino. Ampio izahay hifampitonra toy ny mpiray tampo Fratelli Tutti, ho Olo Araiky tokoa izay Jiaby ka amin'izay samy hijery sy hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana ary tsy ny voninahitray anie no katsahinay fa ny voninahitrap. Nifidy ho mpanompo tokoa ianao ary izay no lalam-pamonjena ho anay sy tena fiaianana. Ampio izahay amin'izao Sinaody izao hisafidy io lalanao io ka hahatonga anay hifampitsimbina sy hifanaosao hikatsaka ny soa iombonana afahanay manorina indray ny Tranobe lombonana efa rokaba. Manatanteraka izao Sinaody izao izahay ka ny Fahasoavano sy ny Fanahy Masina anie hanilo ny dinika ataonay hahalalanay ny tena fototry ny maha vita Batemy anay, hahafahanay manorina EOV MISIONERA KA ZARY TABERNAKLA VELONA. Ampio izahay hahafoy tena tahaka anao hanana ny fahafoizana izay tena toetra soa sy sarobidy ao aminao. Ampianaro izahay haka tahaka anao amin'ny ataonay rehetra mba ho taranaka mpanorina

tokoa izahay. Masina Maria Reny ô, ianao no modely ho anay amin'ny fanoloran-tena ka nahay nandray an'I Jesoa. Ampianaro izahay hifikitra amin'I Jesoa eo am-pototry ny hazofijaliana ka hiova ny fiainanay amin'izany. Ampio ny fianakaviana "Eglisy kely" tsiraikiraiky hampandroso anao ao antokantranony tahaka an'I Md Joany satria ianao no lalana azo antoka mitondra anay amin'I Jesoa. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglisy Erantany, mivavahà ho an'ny mpitondra isan-tsokajiny na arapanahy na ara-nofo na ara-tsaina mba hanana fon-dray tahaka anao ho vonona hikarakara sy hikolokolo ary hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana amin'ny alalan'ny fanompoana sy ny fahafoizana. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson